## A Ny fomba fandinihana ny Baiboly:

- **Ny fotoana**
  - Inona no fotoana tsara indrindra hianarana Baiboly?
  - Tsy maintsy dinihantsika tsara ny valintenintsika amin'ny fijerena ireto lafin-javatra roa ireto: ny amin'ny fotoana sy ny kalitao.
  - Mazava ho azy fa handray soa bebe kokoa isika amin'ny fanokanana adiny iray amin'ny fotoanantsika hianarana Baiboly noho ny fanokanana dimy minitra monja.
  - Kanefa, ny fotoana natokanantsika hianarana dia tsy azo ferana amin'ny famakian-teny fotsiny. Eo no miditra an-tsehatra ny antony manosika antsika. Nahoana aho no mamaky Baiboly? Mitady fahalalana fotsiny ve aho, sa manana faniriana lalina ny hahafantatra bebe kokoa momba an'Andriamanitra?
  - Handray ny tsara indrindra avy amin'ny fianarantsika Baiboly isika rehefa manjary fotoana hiarahana amin'Andriamanitra (Jer. 29:13), sy hifaliantsika Aminy izany (Sal. 37:4); rehefa mijery ao amin'ny pejiny ny hafatra manokana avy amin'Andriamanitra ho antsika isika.
- **Ny toerana**
  - Rehefa naniry fotoana manokana hifandraisana amin'Andriamanitra i Jesosy, dia nifoha maraina Izy ka nitady toerana mangina (Marka 1:35). Azo ampiharina amin'ny vavaka sy ny fianarana Baiboly izany.
  - Sarotra ny mifantoka amin'ny fianarana eo amin'ny toerana be tabataba na be olona. Mora kokoa ny manao izany amin'ny toerana milamina sy mangina ary mitokana.
  - Ny ora voalohany na farany amin'ny tontolo andro, rehefa mangina kokoa iny, no fotoana mety ahafahantsika mampifantoka mora kokoa ny eritreritsika amin'Andriamanitra.
  - Rehefa hitantsika ny fotoana sy ny toerana mety dia aoka hataontsika ho fahazarana izany. Mety hisy toe-javatra manokana hahatonga antsika tsy ho afaka amin'io fotoana io, nefa aoka isika tsy hamela haharitra loatra ny fotoana tsy hianarantsika ny Baiboly isan'andro.
- **Ny fomba fandinihana ny Baiboly**
  - Mizara efatra ny fandinihana lalina ny Baiboly
    - (1) Mivavaka
      - (a) Asao ny Fanahy Masina ho mpitari-dalana anao amin'ny fianaranao
      - (b) Hanohina ny fonao sy ny sainao izy mba hahazoanao izay vakinao
    - (2) Mamaky sy mahatakatra [fomba azo ato]
      - (a) Mifidiana andininy na andalan-teny iray ao amin'ny Baiboly
      - (b) Soraty izany mba hanampy anao handrakitra azy ao an-tsainao
      - (d) Tsipiho ireo hevitra manan-danja
      - (e) Soraty izay eritreritra tonga ao an-tsainao avy amin'ireo
    - (3) Mivavaka
      - (a) Mangataha amin'Andriamanitra mba hanampy anao hampihatra ireo hevitra nianaranao
    - (4) Mizara
      - (a) Eritrereto ny olona azonao izarana izay nianaranao
  - Fomba hafa fandinihana Baiboly
    - (1) Fampitahana andininy (Is. 28:10).
    - (2) Fandalinana toko na boky iray
    - (3) Fandalinana lohahevitra na teny amin'ny fampiasana konkordansa
    - (4) Mampiasa fanehoan-kevitra na rakibolana momba ny Baiboly
    - (5) Sady mamaky andalan-tsoratra ao amin'ny "Fanahin'ny Faminaniana" nosoratan'i Ellen White

**B Ny tombotsoa azo avy amin’ny fianarana Baiboly:**

- **Ny tombotsoa azo avy amin'ny fizarana**
  - Nasaina nanomana toriteny ho amin’ny fanompoam-pivavahana amin'ny asabotsy ianao. Manokana fotoana handalinana amam-bavaka, lohahevitra iray arak'izay nofidinao teo ambany fitarihin’ny Fanahy Masina ianao. Tamin-kery no nanaovanao toriteny ny asabotsy. Iza no tena mahazo tombontsoa avy amin’izany toriteny izany?
  - Ny fianarana Baiboly ifampizarantsika amin’ny hafa — na toriteny izany na ataon’ny tena manokana — dia fitahiana roa sosona.
  - Voalohany, mahazo fitahiana avy amin’izay nianarantsika isika. Faharoa, ny olona izarantsika izany fahalalana izany dia mandray fitahiana sady mahazo famporisihina handalina lalindalina kokoa.
  - Mihamafy sy mihalalina ny fifandraisana amin’Andriamanitra amin’ireo tranga roa ireo. Izany no herin’ny Tenin’Andriamanitra, izay “tsy hiverina Amiko foana” (Isaia 55:11).
- **Ny tombotsoa azo avy amin'ny fihinanana**
  - Tsy maintsy mihinana ny Tenin’Andriamanitra isika (Jer. 15:16)! Na dia mamy noho ny tantely aza izy, dia tsy hohanintsika ara-bakiteny (Salamo 119:103). Sakafo ho an’ny fanahy ny famakiana ny Baiboly, tena famelombelomana manasitrana ny fanahintsika sy manova ny toetrantsika.
  - Ary ankoatra izany, dia maimaim-poana io sakafo io (Is. 55:1)! Mila manatona sy mihaino fotsiny izay lazain’Andriamanitra amintsika amin’ny alalan’ny Baiboly isika (Isaia 55:3). Arakaraka ny andaniantsika fotoana bebe kokoa handinihana ireo takilan'ny Baiboly, no ahazoantsika sakafo bebe kokoa, sy fitahiana bebe kokoa.